# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny kandidà Rina, N°2, namaly ny fanasana nataon'ny fiangonana «Vahao ny oloko», tamin'ny fiaraha-mivavaka ny alahady teo.**










KANDIDA RADO RAPARAOELINA

## Fotoam-pivavahana no hisantarana ny fampielezan-kevitra



*Ny kandidà avy amin'ny antoko TIM eny Ampitatafika Atsimondrano.*

Fangatahana tsodrano amin'Andriamanitra izay tanterahina anio talata etsy amin'ny EKAR Masimbavy Cécile fokontany Tangaina Ampitatafika, no hanombohan'ny Kandida Rado Raparaoelina sy ny mpanolotsaina miaraka aminy, amin'ny mpikambana antoko TIM sy ny mpanohana azy rehetra. Aorian'ny fotoam-pivavahana dia hanatanteraka dia an-tongotra manaraka ny fefiloha ny Kandida Rado Raparaoelinaa sy ny mpanara dia azy, ka hiezaka handresy lahatra ny mponina mikasika ny fandaharanasany ho fampandrosoana ny kaominina Ampitatafika. Nilaza ny kandida Rado Raparaoelina fa hampihàtra ny toro-marika nomen'ny Filoha Marc Ravalomanana ny antoko TIM eny amin' ny Kaominina Ampitatafika mandritra ny fifidianana kaominaly ao anatin'izany ny fanarahana ny fitsipika izay omen'ny mpitarika ny antoko TIM, ny fanaovana "Porte à porte" ho fanazavana ny fandaharan'asa rehetra, hiezaka handresy lahatra ireo olona misalasala hifidy ny Ben'ny tanàna ary tsy manilika an'ireo olona na fikambanana te hanatevin-daharana ny antoko TIM. Nanamafy ny kandida Rado Raparaoelina fa efa mipetrapetraka avokoa ny fandaharampotoana mandritra ny fampielezan-kevitra fifidianana ben'ny tanàna ho an'ny kaominina Ampitatafika, izany hoe hijanona eo amin'ny fokontany iray isan'andro ny mpikambana sy ny mpanohana ny kandida. Marihina fa mitondra ny laharana faha 3 ny kandida ben'ny tanàna Rado Raparaoelina ary mitondra ny laharana faha 2 ny mpanolotsain'ny tanàna ho an'ny kaominina Ampitatafika.

*Franck Razakambelo*

## Sakafo Ny Valosoa



Ro patsa sy ovy ary henomby indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody vavony haingam-piasa

Fanafody vavony haingam-piasa indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny karazana voninkazo "Pervansa" no ampiasaina, na koa hoe "Tsy maty ririnina. Misy karazany 2 izy ireo, misy ny mavokely ary misy ny fotsy, tandremo anefa fa ny FOTSY no azo ampiasaina raha aretim-bavony no resahina. Maka fotora(fakany) 1 na 2 dia ampangotrahana amin'ny rano 1 litatra. Ataovy fisotro io 30 min alohan'ny isakafoanana mandritra ny herinandro. Vita Izay dia afaka misotro mifanelanelana. Indray mandeha misotro ianao dia efa hahatsapa fiovana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambarakaraka any amin'ny distrikan'Ambilobe faritra Diana

Ny tanànan'Ambarakaraka any amin'ny distrikan'Ambilobe, faritra Diana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, somary iva toerana ihany izy satria 63 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly vary ny olona any, mamboly kafe ihany koa.

